# Ilay Voa Tsara Nafafy 16 Aogositra 2018

**16** **Alakamisy**
aogositra

**Izay mino ny Zanaka *(Zanak'Andriamanitra)* manana fiainana mandrakizay; fa izay tsy mino ny Zanaka dia tsy hahita fiainana, fa ny fahatezeran'Andriamanitra no mitoetra eo aminy.** Jaona 3. 36

**Andriamanitra ... ankehitriny ... mandidy ny olona rehetra amin'izao tontolo izao hibebaka.**
Asan'ny Apostoly 17. 30

### Andriamanitra mandidy

Mety hahagaga olona tsy niraharaha an'Andriamanitra hatrizay ny filazan'ny Baiboly amintsika hoe tompon'andraikitra isika, eo anatrehan'Andriamanitra. Tsy vitan'ny hoe nahary antsika fotsiny Izy, fa nanao izany satria te hanana fifandraisana amintsika. Isika rehetra anefa dia niaina tsy niankina taminy, nanapa-kevitra samirery, tsy nitady hahafantatra akory izay heveriny momba izany, nanao zavatra melohin'ny fieritreretantsika, nanao ratsy tamin'ny namantsika. Antsoin'Andriamanitra hoe „tsy fankatoavana", na hoe „ota", izany fiainana tsy misy Azy izany. Izany no mampisaraka antsika aminy, sy mahatonga antsika rehetra ho meloka.

Andriamanitra dia mandidy antsika hibebaka, izany hoe hiaiky ny toetrantsika eo anatrehany, sady tena hanenina marina sy haniry hiova fiaina. Ambarany koa fa misy fetra ny faharipony, ary na dia tsy nitsara izao tontolo izao aza Izy, taorianan'ny nisian'ny safodrano, ka mandraka ankehitriny, dia mbola hitsara azy, indray andro any. Amin'izay ny olona tsirairay dia tsy maintsy hanao tatitra momba izay nampiasany ny fiainany, ka tsy misy ho afaka hiala tsiny. Tsy misy ho afaka hanamarin-tena. Ho tampina avokoa ny vava rehetra (Romana 3. 19).

Andriamanitra anefa tsy te hamela antsika ao amin'izany toerana mampamoy fo izany. Ho Mpitsara antsika Izy, indray andro any; nefa aleony manolo-tena ho Mpamonjy antsika dieny anio, satria tiany isika, na dia mikomy sy tsy miraharaha aza. Tena nitia antsika fatratra aza Andriamanitra, ka nanome mihitsy ny fomba hihavanantsika aminy. Nofaiziny hisolo antsika Jesosy Kristy, Ilay tsy mba nisy ota, mba tsy ho voatery Izy hanasazy izay olona mino an'i Jesosy Kristy. Izany no atao hoe Filazantsara, tena „vaovao mahafaly" avy amin'Andriamanitra, ambarany amin'ny olona tsirairay. Ho an'ny olona tsirairay, izany hoe ho anao koa.